

**30 jiona 2010.  
18 Tamouz 5770.**

## **Ny tsy fahatakarana ny halalin'ny fahamarinana**

*"Fa raha tonga ny Fanahin'ny fahamarinana, dia Izy no hitari-dalana anareo ho amin'ny marina rehetra; fa tsy hiteny ho Azy Izy, fa izay ho reny dia holazainy avokoa; ary ny zavatra ho avy aza dia hambarany aminareo. Izy hankalaza Ahy; fa handray avy amin'ny Ahy Izy ka hanambara izany aminareo "* ( Jaona 16: 13,14)


Misy zava-miafina ao amin'ny drafitry ny famonjena, ny nihetren'ny zanaka lahin'Andriamanitra tonga olona, ny fitiavana sy ny famoram-panahin'Andriamanitra tsy takatry ny saina tamin'ny nanomezany ny Zanany Lahy -loha-hevitra mahatalanjona mandrakariva ho an'ny anjely. Hoy ny apostoly Petera raha nilaza ny fanambaràna izay nampilazaina ny mpaminany «mikasika ny fijalian'i Kristy sy ny voninahitra manaraka izany» ary io toe-javatra io dia « tian'ny anjely hodinihana » (1 Petera 1:11,12). Izany fanambaràna izany dia loha-hevitra hodinihana'ny voavonjy mandritra ny mandrakizay. Arakaraky ny hibanjinan'izy ireo ny asan'Andriamanitra teo amin'ny famoronana sy ny fanavotana dia hisy fahamarinana vaovao tsy hitsahatra hiseho eo anatrehan'ny fanahiny feno fitalanjonana, ary raha mandroso eo amin'ny fahalalàna ny fahendrena sy ny fitiavana ary ny herin'Andriamanitra izy ireo dia hivoatra hatrany ny fahiratan-tsainy ary hitombo tsy hitsahatra ny fifaliany.

Raha azon'ny olombelona voaforona natao ny nahatakatra tanteraka ny fahafantarana an'Andriamanitra sy ny asany, dia tsy nisy intsony nanomboka tamin'io fotoana io fahitàna na fahamarinana na fitomboan'ny fahalalàna na fivoaran'ny fanahy sy ny fo. Tsy ho ilay Fisiana fara-tampony intsony Andriamanitra ary hijanona tsy hivoatra intsony ny olombelona rehefa nahatratra ny fetran'ny fivoarana sy ny fahalalàna. Derain-tsika Andriamanitra satria tsy toy izany no nitranga fa Andriamanitra dia tsy vofetra ary ao Aminy « no voaafina ny harembe vava rehetra n'ny fikarohana sy ny fahendrena » . Tsy ho ampy ny mandrakizay hikarohana izany harembe vavan'ny fahendreny , ny fahamoram-pony sy ny heriny izany.

Tian'Andriamanitra raha handroso ho amin'ny fahalalàna ny fahamarinana mandrakariva ny vahoakany na dia eto amin'ity fiainana ity ihany aza. Fomba tokana ihany anefa no ahazoana izany fahalalàna izany: amin'ny alalan'ny fitsilovan'ny Fanahy izay nanomezana io teny io."Ary toy izany koa, tsy misy mahalala ny ao am-pon'Andriamanitra afa-tsy ny Fanahin'Andriamanitra ihany." "fa ny Fanahy mamantatra ny zavatra rehetra, na dia ny saina lalina izay an'Andriamanitra aza. " (1Kor.2:11,10) .Nametrahan'ny Mpamonjy izao teny fampanantenana izao ny mpianany:"Fa raha tonga ny Fanahin'ny fahamarinana, dia Izy no hitari-dalana anareo ho amin'ny marina rehetra;... fa handray avy amin'ny Ahy Izy ka hanambara izany aminareo" (Jaona 16:13;14)

Tian'Andriamanitra hampiasa ny fandalinan-tsaina ny olona. Manome hery sy mampiakatra ny fanahy mihoatra ny fianarana hafa rehetra ny fianarana Baiboly. Fanazarana tsara indrindra ara-panahy sy ara-tsaina izany. Aoka anefa hitandrana isika tsy hanandratra loatra ny fandalinan-tsaina izay mandray anjara amin'ny fahalemena sy tsy fahatanteran'ny olombelona. Raha tsy tiana hijanona tsy hazava amintsika ny Teny Voasoratra ka tsy afaka handray ny fahamarinana izay farany tsootra isika dia tokony hanana ny fahatsoran'ny finoan'ny zaza, ho vonona hianatra foana ary tsy hanadino hangataka ny fanampian'ny Fanahy Masina. Ny fieritreretana ny hery sy ny fahendren'Andriamanitra, ny fiheverana ny tsy ahafahana mahatakatra ny fahalebiazany dia tokony hampisaintsaina fanetrentena antsika ka hitarika antsika hanokatra ny Teniny amim-panajàna masina; tahaka ny hoe eo anatrehan'ny fahefana ambony ary ny fo sy fanahy dia hiondrika eo anoloan'ilay "Izao izay Izy"

Ellen G. White Témoignages pour l'église p. 360 – 361



**Vous sondez les Ecritures,  
parce que vous pensez avoir en elles  
la vie éternelle: ce sont elles qui rendent  
témoignage de moi. Jean 5:39**